# Prendre sur nous le nom de Jésus-Christ

Par Dale G. Renlund
*du Collège des douze apôtres*

# Mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy

Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

*Plus nous nous identifions à Jésus-Christ et nous souvenons de lui, plus nous voulons être comme lui.*

*Arakaraka ny hahatsapantsika ho mitovy toetra amin'i Jesoa Kristy sy ny hahatsiarovantsika Azy no hananantsika faniriana bebe kokoa ny ho toa Azy.*

En 2018, à l'université d'Utah, une chaire professorale spéciale a été créée. Elle porte le nom de « Chaire présidentielle de chirurgie cardio-thoracique du Dr Russell M. Nelson et de Dantzel W. Nelson »,cardio, faisant référence au cœur etthoracique, au thorax. Elle honore le travail important du président Nelson en tant que chirurgien et le soutien qu'il a reçu de sa défunte femme, Dantzel. Cette chaire professorale a été financée par un fonds appelé à durer dans le temps. La personne sélectionnée pour une chaire de ce prestige reçoit une récompense, un complément de salaire et des fonds pour faire de la recherche.

Tamin'ny taona 2018, tao amin'ny Oniversite an'i Utah, dia nisy famoronana anjara toerana manokana ho an'ny prôfesora izay nantsoina hoe "Toerana ambony amin'ny maha-mpisahana fandidiana fo sy taova ao amin'ny tratra izay mitondra ny anaran'ny Dokotera Russell M. Nelson sy i Dantzel W. Nelson". Izany dia nanomezana voninahitra ny asa manan-danja nosahanin'ny Filoha Nelson tamin'ny naha-mpandidy fo azy sy ny fanohanana azony avy tamin'i Dantzel vadiny izay efa nodimandry. Io anjara toerana ho an'ny prôfesora io dia niantohana tamin'ny alalan'ny vatsim-bola iray natao haharitra any aoriana. Ny olona voadify hihazona ny karazana anjara toerana ambony ho an'ny prôfesora toy izany dia mandray mari-pankasitrahana sy karama fanohanana ary vatsim-bola hanaovana fikarohana.

Le premier chirurgien choisi comme titulaire de cette chaire professorale était le Dr Craig H. Selzman, un chirurgien cardiaque talentueux qui n'est pas membre de notre Église. Lors de la cérémonie d'attribution de la chaire au docteur Selzman, de nombreux invités étaient présents, notamment le président Nelson et son épouse, Wendy. Au cours de la réunion, le président Nelson a parlé avec modestie de sa carrière de pionnier dans la chirurgie.

Ny mpandidy voalohany voafidy hihazona izany anjara toerana ho an'ny prôfesora izany dia i Dokotera Craig H. Selzman, izay mpandidy fo tena mahay ary tsy mpikambana ato amin'ny fiangonantsika. Nandritra ny lanonana nanolorana izany anjara toerana ho an'ny prôfesora tamin'i Dokotera Selzman izany, dia vahiny manan-kaja maro no nanatrika ka anisan'izany ny Filoha Nelson sy Rahavavy Wendy W. Nelson vadiny. Nandritra izany fivoriana izany dia niresaka tamim-panetrentena mikasika ny asany tamin'ny naha-mpisava lalana azy teo amin'ny fandidiana ny Filoha Nelson.

Ensuite, le Dr Selzman a expliqué ce que l'obtention de cette chaire signifiait pour lui. Il a

Avy eo i Dokotera Selzman dia nizara ny dikan'ny fanendrena azy hihazona izany anjara

raconté que, quatre jours auparavant, après une longue journée en salle d'opération, il avait appris que l'un de ses patients devait retourner au bloc. Il était fatigué et déçu, sachant qu'il allait devoir passer une autre nuit à l'hôpital.

toerana ho an'ny prôfesora izany raha ho azy. Nitantara izy fa efatra andro talohan'ity fotoana ity, taorian'ny indray andro maninjitra tao amin'ny efitrano fandidiana, dia hitany fa nisy iray tamin'ireo marary sahaniny nilaina naverina didina. Reraka sy kivy izy noho ny fahafantarana fa tsy maintsy hijanona mandritra ny alina iray hafa any amin'ny hôpitaly indray.

Ce soir-là, le Dr Selzman a eu une conversation avec lui-même qui a changé sa vie. Il s'est dit : « Vendredi, on va m'octroyer une chaire professorale portant le nom du Dr Nelson. Le Dr Nelson était connu comme quelqu'un qui maîtrisait ses émotions, qui traitait tout le monde avec respect et qui ne s'emportait jamais. Maintenant que mon nom va être associé au sien, je dois essayer de lui ressembler davantage. » Le Dr Selzman était déjà un chirurgien très bienveillant. Cependant, il voulait devenir encore meilleur.

Tamin'io hariva io dia niresaka tamin'ny tenany i Dokotera Selzman izay nitondra fiovana teo amin'ny fiainany. Tamin'izany fotoana izany dia nieritreritra izy hoe: "Hotendrena hihazona anjara toerana ho an'ny prôfesora izay mitondra ny anaran'i Dokotera Nelson aho amin'ny zoma. Fantatra amin'ny maha-olona mahafehy ny fihetseham-pony sy manaja ny rehetra ary tsy mba maneho hatezerana velively izy hatrizay. Amin'izao anarako hampifandraisina amin'ny azy izao dia mila miezaka ny hitovy kokoa aminy aho." I Dokotera Selzman dia efa mpandidy manana ny lazany. Saingy te ho lasa tsaratsara kokoa izy.

Auparavant, l'équipe chirurgicale du Dr Selzman savait probablement quand il était fatigué et frustré, car cela transparaissait dans sa façon de parler et le ton de sa voix. Mais ce soir-là, au bloc opératoire, le Dr Selzman a fait un effort conscient pour être particulièrement encourageant et compréhensif envers son équipe. Il a eu l'impression que cela a fait une différence et il a décidé de continuer d'essayer de ressembler davantage au Dr Nelson.

Taloha dia mety nahita ny faharerahany sy ny fahasorenany ny ekipa mpiara-mandidy aminy satria mety navelany hiseho amin'ny alalan'ny fihetsiny sy ny feony izany. Saingy tamin'io alina io tao amin'ny efitrano fandidiana, dia niezaka tamim-pitandremana tsara i Dokotera Selzman mba haneho fanohanana sy fahatakarana antsaina manokana ny ekipany. Tsapany fa nanova zavatra izany ary nanapa-kevitra ny hanohy ny fiezahana mba hitovy kokoa amin'ny Dokotera Nelson izy.

Cinq ans plus tard, le président Nelson a fait don de ses archives professionnelles à l'université d'Utah. Des dignitaires de l'université sont venus le remercier officiellement. À cette occasion, le Dr Selzman a de nouveau pris la parole. Se référant aux initiales du président Nelson, RMN, il a dit : « Un esprit 'RMN' règne désormais au service de chirurgie cardio-thoracique de l'université d'Utah. »

Dimy taona taty aoriana dia natolotry ny Filoha Nelson ho fanomezana ho an'ny Oniversite an'i Utah ny antontan-taratasy mifono lahatsoratra mamintina ny asany.Tonga mba haneho fisaorana tamin'ny fomba ôfisialy ny Filoha Nelson ireo olo-manan-kaja avy ao amin'ny oniversite.Nandray fitenenana indray i Dokotera Selzman nandritra izany fotoana izany. Raha ny niresaka momba ny voalohan-tarehintsoratr'ireo anaran'ny Filoha Nelson izy, izay RMN, dia nilaza hoe: "Misy fitsipi-pitondrantena -RMN- izay manenika ny Sampana misahana ny fandidiana fo sy taova ao amin'ny tratra ato amin'ny Oniversite an'i Utah amin'izao fotoana izao."

Lorsqu'il fait face à des contrariétés, le Dr Selzman a expliqué : « Je fais ce que nous enseignons à nos internes, c'est-à-dire que je me concentre, je passe à autre chose et je fais de mon mieux. Cet esprit vit en nous chaque jour. Nous

Ao anatin'ireo toe-javatra mahasorena hoy i Dokotera Selzman nanazava, "dia manao ity zavatra ity izay ampianarinay an'ireo mpiofana ato aminay mba hataon'izy ireo aho amin'izao fotoana izao: mifantoha, aza kivy, ary ataovy

donnons, à chaque membre du service et à chaque nouvel interne, un badge à accrocher sur sa blouse. En bas de ce badge, on peut lire les lettres 'RMN'. L'esprit RMN est le fondement de notre formation ; nous l'enseignons à tout le monde. » Le Dr Selzman a modifié son attitude et ses aspirations antérieures, parce que son nom était dorénavant lié à celui du président Nelson.

izay tsara indrindra vitanao. Miaina ao anatinay isan'andro izany fitsipi-pitondrantena izany. Omenay mari-pamantarana miendri-paingotra ny mpikambana rehetra ato amin'ny sampana sy ny mpiofana vaovao tsirairay. Ahitana ireo tarehintsoratra -RMN- eny amin'ny faran'ilay mari-pamantarana miendri-paingotra. Fototra iorenan'ny fanofanana atolotray ny fitsipi-pitondrantena RMN ka ampianarinay ny olona rehetra izany." Novain'i Dokotera Selzman an-tsitrapo ny toetrany sy ny hetahetany teo aloha satria nifandray tamin'ny anaran'ny Filoha Nelson amin'izay ny anarany.

Cette série d'événements impliquant le Dr Selzmanm'a amené à me demander : « Comment ai-je changé depuis que mon nom est associé à celui de Jésus-Christ ? Ai-je adopté un esprit chrétien ? Ai-je réellement essayé de devenir meilleur et plus semblable au Christ ? »

Izany fifanesen-javatra niseho tamin'i Dokotera Selzmanizany dia nanosika ahy hanontany tena hoe "Aiza ho aiza ny fiovako hatramin'izay nampifandraisako ny anarako amin'ny anaran'i Jesoa Kristy izay? Moa ve aho nampihatra fitsipi-pitondrantena iray tahaka ny an'i Kristy vokatr'izany? Moa ve aho niezaka tamin-kitsimpo ny ho lasa tsara kokoa sy ho tonga tahaka Azy kokoa?

Dans l'expérience du Dr Selzman, nous pouvons voir au moins cinq parallèles avec le processus que nous suivons pour prendre sur nous le nom de Jésus-Christ. Ce processus commence par le baptême, mais il n'est complet que lorsque nous devenons plus purs et saints, et lui ressemblons davantage.

Afaka mahita zavatra dimy izay mirazotra amin'ireo dingana arahina mba hitondrantsika eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy isika ao anatin'ny zavatra niainan'i Dokotera Selzman. Na dia manomboka amin'ny batisa aza izany dingana arahina izany dia tsy feno izany raha tsy madio kokoa sy masina kokoa ary lasa tonga tahaka Azy kokoa isika.

Le premier parallèle est l'identification. En recevant la chaire Nelson, le Dr Selzman a associé son nom à celui du président Nelson et a commencé à s'identifier à lui. Quand nous prenons sur nous le nom de Jésus-Christ, nous associons notre nom au sien. Nous nous identifions à lui. C'est avec joie que nous nous faisons appeler chrétiens. Nous reconnaissons le Sauveur et nous nous affirmons résolument comme siens.

Ny zavatra mirazotra voalohany dia ny fahatsapana fitovian-toetra. Novain'i Dokotera Selzman hihazona ilay anjara toerana ho an'ny prôfesora izay mitondra ny anarana Nelson dia nampifandray ny anarany tamin'ny Filoha Nelson, ka nanomboka nahatsapa ho nitovy toetra tamin'ny Filoha Nelson izy. Rehefa mitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy isika dia mampifandray ny anarantsika amin'ny Azy. Mahatsapa ho mitovy toetra Aminy isika. Lasa fantatra ho Kristianina amim-pifaliana isika. Manaiky ny Mpamonjy isika ary mijoro tsy amin-tahotra sy henatra fa anisan'ny Azy.

Autre parallèle très proche de l'identification : le souvenir. Quand le Dr Selzman entre dans son bureau, son regard est attiré par le médaillon qu'il a reçu quand il a été nommé à la chaire Nelson. C'est un rappel quotidien de l'esprit « RMN ». Pour nous, c'est la Sainte-Cène qui, chaque semaine, nous aide à nous souvenir de Jésus-Christ tout au long de la semaine. Lorsque nous prenons la Sainte-Cène, nous le faisons en souvenir du

Ny zavatra mirazotra iray hafa izay mifandray akaiky amin'ny fahatsapana fitovian-toetra dia ny fahatsiarovana. Rehefa miditra ny biraony i Dokotera Selzman dia voasarika eny amin'ilay medaly noraisiny tamin'ny fotoana nanendrena azy hihazona ny anjara toerana ho an'ny prôfesora izay mitondra ny anarana Nelson ny masony. Mampahatsiahy azy isan'andro an'ilay fitsipi-pitondrantena RMN izany medaly izany.

prix qu'il a payé pour nous racheter. Nous faisons de nouveau alliance de nous souvenir de lui, nous reconnaissons sa grandeur et nous apprécions sa bonté. Nous reconnaissons sans cesse que ce n'est que dans et par sa grâce que nous sommes sauvés de la mort physique et spirituelle.

Nous souvenir signifie que nous suivons le conseil d'Alma, le prophète du Livre de Mormon. « Que toutes [nos] actions soient pour le Seigneur, et, en quelque lieu que [nous aillions], que ce soit dans le Seigneur ; […] que toutes [nos] pensées soient dirigées vers le Seigneur ; […] que les affections de [notre] cœur soient placées à jamais dans le Seigneur. » Même lorsque nous sommes affairés dans d'autres domaines, nous continuons de penser à lui, tout comme nous nous souvenons de notre nom, quel que soit ce sur quoi nous portons notre attention.

Le troisième parallèle est une des conséquences du fait de se souvenir de ce que le Sauveur a fait pour nous : c'est l'imitation. Le Dr Selzman a commencé à imiter le président Nelson et l'esprit RMN. Je crois que la conduite du président Nelson est simplement la manifestation de toute une vie de disciple de Jésus-Christ. Pour nous, plus nous nous identifions à Jésus-Christ et nous souvenons de lui, plus nous voulons lui ressembler. En tant que disciples du Christ, nous devenons meilleurs quand nous nous concentrons sur lui, bien plus que lorsque nous nous concentrons sur nous-mêmes. Nous nous efforçons de devenir comme lui et nous cherchons à acquérir ses vertus. Nous prions ardemment afin d'être remplis de charité, l'amour pur du Christ.

En avril, le président Nelson a enseigné : « Si la charité devient une part intégrante de notre caractère, nous perdrons l'envie de rabaisser autrui. Nous cesserons de juger. Nous serons charitables envers tous les hommes, quel que soit leur milieu. Éprouver de la charité pour tous […] est essentiel à notre progression. La charité est le fondement même d'une personnalité divine. » En

Ho antsika, ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro dia manampy antsika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy mandritra ny herinandro. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia manao izany mba hahatsiarovana ny sarany nefainy mba hanavotana antsika. Manao fanekempihavanana indray isika mba hahatsiaro Azy sy hiaiky ny fahalehibeazany ary hankasitraka ny hatsarany. Mamerimberina manaiky isika fa ao amin'ny fahasoavany sy amin'ny alalan'ny fahasoavany ihany no ahafahana mamonjy antsika avy amin'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy.

Ny hoe fahatsiarovana dia midika fa manaraka ny torohevitra nomen'i Almà mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika. "Avelantsika mba ho an'ny Tompo ny ataon[tsika] rehetra, ary na aiza na aiza [alehantsika dia avelantsika] mba ho ao amin'ny Tompo izany; … avelan[tsika] ny eritreri[tsika] rehetra hifantoka amin'ny Tompo; … [ary avelantsika] ny fitiavan'ny [fontsika] mba hapetraka amin'ny Tompo mandrakizay."Na dia rempotra amin'ny zavatra hafa aza isika, dia mahatsiaro manokana Azy lalandava, toy ny ahatsiarovantsika ny anarantsika na inona na inona zavatra hafa ifantohantsika.

Ny fahatsiarovana ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika dia miteraka zavatra mirazotra fahatelo, dia ny fakana tahaka izany. Nanomboka naka tahaka ny Filoha Nelson sy ny fitsipi-pitondrantena RMN i Dokotera Selzman. Mino aho fa ny fitsipi-pitondrantena narahin'ny Filoha Nelson dia fanehoana tsotra fotsiny ny naha-mpianatr'i Jesoa Kristy azy nandritra ny androm-piainany.Ho antsika, arakaraka ny hahatsapantsika ho mitovy toetra amin'i Jesoa Kristy sy ny hahatsiarovantsika Azy no hananantsika faniriana ny ho toa Azy. Amin'ny maha-mpianany antsika dia miova ho tsara kokoa isika rehefa mifantoka Aminy mihoatra noho ny fifantohantsika amin'ny tenantsika. Miezaka ny ho tonga tahaka Azy isika ary mikatsaka ny hanana ireo toetrany. Mivavaka mafy isika mba ho feno fiantrana, dia ilay fitiavana madion'i Kristy.

Nampianatra ny Filoha Nelson tamin'ny volana aprily hoe: "Rehefa tafiditra ao amin'ny toetrantsika ny fiantrana dia tsy hanana faniriana hanambany ny hafa intsony isika. Tsy hitsaratsara ny hafa intsony isika. Hanana fiantrana ny olona avy amin'ny lafim-piainana rehetra isika. Zava-dehibe amin'ny fivoarantsika ny fiantrana ny olon-drehetra. Ny fiantrana no fototry ny toetra

parallèle de la charité, nous cherchons àcultiver […] et développerles autres dons spirituels du Sauveur, notamment l'intégrité, la patience et la diligence.

Le fait d'imiter Jésus-Christ nous amène au quatrième parallèle : conformer notre volonté à la sienne. Nous nous joignons à lui dans son œuvre. En tant que chirurgien, le Dr Nelson était un pédagogue, un soignant et un chercheur. Le badge sur les blouses utilisées dans le service du Dr Selzman met l'accent sur ces engagements en affichant les motsenseigner,soigneretdécouvrir. En ce qui nous concerne, le fait de prendre sur nous le nom de Jésus-Christ implique, entre autres, que nous conformions volontairement, intentionnellement et avec enthousiasme nos buts aux siens. Nous nous joignons à lui dans son œuvre quand nous « aimons, faisons connaître et invitons». Nous nous joignons à lui dans son œuvre quand nous servons nos semblables, surtout ceux qui ont été blessés, brisés ou écrasés par leurs expériences dans la condition mortelle.

Nous prenons plus pleinement sur nous le nom de Jésus Christ lorsque nous nous identifions à lui, nous nous souvenons de lui, nous l'imitons et nous nous conformons à sa volonté. Ces quatre actions mènent à un cinquième parallèle : l'habilitation. Nous accédons au pouvoir de Dieu et à ses bénédictions dans notre vie. La chaire Nelson a permis au Dr Selzman de recevoir une reconnaissance et un fonds de soutien qu'il utilise pour changer la culture de son service. Il utilise cette « dotation de pouvoir » pour aider les autres. De la même manière, quand nous prenons sur nous le nom du Sauveur, notre Père céleste nous accorde son pouvoir pour nous aider à remplir notre mission dans la condition mortelle.

Lorsque nous contractons des alliances supplémentaires avec Dieu, nous prenons plus pleinement sur nous le nom de Jésus-Christ. En

maha-andriamanitra."Miaraka amin'izany fiantrana izany dia mikatsaka,mba hampiroborobo … ary hampivelatra"ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanahy avy amin'ny Mpamonjy koa isika ka tafiditra ao anatin'izany ny hatsaran-toetra, ny fahitsian-toetra, ny faharetana, ny fanetrentena, ary fahavitrihana.

Ny fakana tahaka an'i Jesoa Kristy dia mitondra antsika any amin'ilay zavatra mirazotra fahaefatra, dia ny fampifanarahana ny tanjontsika amin'ny Azy. Mirotsaka miaraka Aminy manao ny asany isika. Amin'ny maha-mpandidy azy, i Dokotera Nelson dia fantatra tamin'ny naha mpampianatra sy mpanasitrana ary mpikaroka azy. Ilay mari-pamantarana miendri-paingotra ampiasaina ao amin'ny sampana misy an'i Dokotera Selzman dia manamafy ireo ezaka ireo amin'ny alalan'ny fampiasana ny teny hoemampianatra, symanasitrana, arymikaroka. Ho antsika, dia ampahany mandrafitra ny fitondrana eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy ny fampifanarahana amim-pahavononana, sy an-tsitrapo ary amim-pientanentanana ny tanjontsika amin'ny Azy.Miara-mirotsaka Aminy manao ny asany isika rehefa "mitia, sy mizara, ary manasa."Miara-mirotsaka Aminy manao ny asany isika rehefa manompo ny hafa, indrindra ireo osa sy ireo izay voaratra, na ketraka na trotraka noho ny zavatra niainan'izy ireo teto an-tany.

Mitondra feno kokoa eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fahatsapana fitovian-toetra, fahatsiarovana, fakana tahaka ary fampifanarahana tanjona.Ny fanaovana ireo zavatra anankiefatra ireo dia mitondra antsika any amin'ilay zavatra mirazotra fahadimy dia ny fanomezana hery izany. Afaka mahazo ny herin' Andriamanitra sy ireo fitahiana avy Aminy isika eto an-tany. Ny anjara toerana ho an'ny prôfesora izay mitondra ny anarana Nelson dia nanolotra mari-pankasitrahana ho an'i Dokotera Selzman sy vatsim-bola fanohanana izay ampiasainy mba hanovana ny kolontsaina ao amin'ny sampana misy azy. Ampihariny izany "fanomezana hery" izany mba hanampiana ny hafa. Torak'izany koa rehefa mitondra eo amintsika ny anaran'ny Mpamonjy isika, dia omen'ny Raintsika any An-danitra ny heriny isika mba hanampiana antsika eo amin'ny fanatanterahana ny asa nanirahana antsika eto an-tany.

Rehefa manao fanekempihavanana fanampiny amin' Andriamanitra isika dia mitondra feno kokoa eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy.

conséquence, Dieu nous bénit en nous accordant davantage de son pouvoir. Comme le président Nelson l'a enseigné : « Chaque personne qui contracte des alliances dans les fonts baptismaux et les temples, et qui les respecte, bénéficie d'un accèsplus grandau pouvoir de Jésus-Christ. […] Le respect des alliances avec Dieu apporte en récompense le pouvoir céleste, pouvoir qui nous fortifie pour [mieuxsurmonter] nos épreuves, [résister à] nos tentations et [affronter] nos chagrins. »

Nous devenonsplusréceptifs spirituellement. Nous avonsdavantagede courage pour affronter des circonstances impossibles en apparence. Nous sommesdavantagefortifiés dans notre détermination à suivre Jésus-Christ. Nous nous repentons et retournons à luiplusrapidement quand nous transgressons. Nous faisonsmieuxconnaître son Évangile par son pouvoir et son autorité. Nous aidons les personnes dans le besoin sans les juger. Nous les jugeons vraiment beaucoup moins. Nous conservons le pardon de nos péchés. Nous éprouvons une paix plus grande et nous sommes plus joyeux, parce que nous pouvons nous réjouir continuellement. Sa gloire nous entourera et ses anges nous garderont.

Voici l'invitation du Sauveur : « [Venez] au Père en mon nom et [recevez] sa plénitude en temps voulu. » Je vous exhorte à le faire. Venez à notre Père céleste, Prenez sur vous le nom de Jésus-Christ. Identifiez-vous à lui. Souvenez-vous toujours de lui. Efforcez-vous de lui ressembler. Joignez-vous à lui dans son œuvre. Recevez son pouvoir et ses bénédictions dans votre vie. Gravez son nom dans votre cœur, volontairement et intentionnellement. Ainsi, vous honorerez votre « position » devant Dieuet vous serez qualifiés pour que le Sauveur intercède en votre faveur. Vous deviendrez un héritier exalté dans le royaume de notre Père céleste, cohéritier du Premier-Né, notre Sauveur et Rédempteur bien-aimé.

Il vit. Je le sais de manière absolue. Il vous aime. Il a donné sa vie pour vous. Il vous supplie de venir au Père à travers lui. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

Vokatr'izany dia omen' Andriamanitra ny heriny isika. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny olona tsirairay izay manao fanekempihavanana ao amin'ny dobo fanaovana batisa sy any amin'ny tempoly, ka mitandrina izany, diamampitombony fahafahana hahazo ny herin'i Jesoa Kristy. … Ny valisoa amin'ny fitandremana ny fanekempihavanana amin' Andriamanitra dia ny hery avy any an-danitra—hery izay mampatanjaka antsika mba hanohitratsara kokoany fitsapana sy ny fakam-panahy ary ny ratram-pontsika."

Lasa mandray zavatra ara-panahykokoaisika. Manana herim-pokokoahiatrehana ireo toe-javatra izay toy ny tsy ho azo tanterahina isika. Mahazo herykokoaisika ao anatin'ny fahatapahan-kevitra hanaraka an'i Jesoa Kristy. Mibebaka hainganakokoaisika ary miverina Aminy rehefa mandika lalàna.Lasa mahaykokoaeo amin'ny fizarana ny filazantsarany isika miaraka amin'ny heriny sy ny fahefany. Manampy ireo izay sahirana isika rehefa tsy mitsaratsara na tsy mitsara mihitsy. Mitana ny famelana ny fahotantsika isika. Manana fiadana kokoa sy be herim-po kokoa isika satria afaka mifaly mandrakariva. Ny voninahiny dia hanodidina antsika, ary ny anjeliny dia hikarakara antsika.

Manasa antsika ny Mpamonjy mba "[h]anatona ny Ray amin'ny anarako ary [h]andray amin'ny fahafenoany amin'ny fotoana mahamety izany."Mamporisika anao aho hanao izany. Manatòna ny Raintsika any An-danitra. Ento eo aminao ny anaran'i Jesoa Kristy. Mitovia toetra Aminy. Tsarovy mandrakariva Izy. Miezaha ny ho toa Azy. Mirotsaha miaraka Aminy mba hanao ny asany. Raiso eo amin'ny fiainanao ny heriny sy ireo fitahiana avy Aminy.Soraty ao am-ponao amim-pahavononana sy an-tsitrapo ny anarany. Izany dia manome anao "toerana mendrika" eo anatrehan' Andriamanitrasy manome fahafahana anao hanana ny Mpamonjy ho mpisolovavanao. Ho lasa mpandova nasandratra ao amin'ny fanjakan'ny Raintsika any An-danitra ianao, sy mpiray lova amin'ilay Voalohan-teraka, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra malalantsika.

Velona Izy. Fantatro tanteraka izany. Tiany ianao. Nanolotra ny ainy ho anao Izy. Mitalaho aminao Izy mba hanatona ny Ray amin'ny alalany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.